KASSINE

HO AN'NY MPIASA TANY TSY ANKANAVAKA NY KASINA !!

Kasina volohany eto Madagasikara eto aminy tanàna Ambalamanakavana

Inona moa ny KASÍNA ?

Fitaovana vaovao izay tarihin'ny biby (omby, apondra…) izay hanampy ny tantsaha amin'ny fiasana ny tany moramora kokoa sy Haingana kokoa.



Laharana voalohany Famoronana Fitaovam-pamokarana Europe 2005

Afaka misafidy ianao !

KASÍNA **KODIARANA 2**
(omby 1 na 2)



KASÍNA **Brancard**
(omby 1)

KASÍNA **Timon**
(omby 2)

KASÍNA **KODIARANA 1**
(omby 1 na 2)

KASSINE

Inona no mampiavaka azy ?

-Teknikam-pambolena vaovao : voly tora-tady miaraka amin'ny fitaovana tarihin'ny omby 1 na 2.

-Fitaovana vaovao : azo soloina araka ny filàna ny fiasàna, afaka mamorona fiasàna hafa.

-Mora ampiasaina, mora tazonina ny « guidon », mahavita karazana asa maromaro (misy karazana fitaovam-piasana maromaro). Azo ampitarihina omby iray na roa, azo ampiasàna kodiarana iray na roa na tsy misy aza ! Azo vahana ny singa rehetra ao aminy, amin'ny alalan'ny fanala hidy izay miaraka aminy. Ary farany dia tena mafy satria vita amin'ny vy nafarana manokana avy any ivelany.

Inona avy ny karazana fitaovam-piasana misy ?

① Angady (hamadihana ny bainga), ② fandalinana nofotany, ③ fiavàna (fanalàna ny ahi-dratsy), ④afanaovana dongon-tany toy ny amin'ny tanim-boanjo, lahersa, fihadiana ovy na mbizo, sns …Ho amin'ny Kasína Kodiaran roa dia azo hitaritana sarety.

1

2

3

4

Ahoana ny fanovana ny fitaovam-piasana ?

Tsotra sady haingana ny fanoloana ny fitaovana, rehafa voapetaka dia tsy mihetsika intsony ny fitaovana, saingy atosika mora amin'ny tongotra dia miala ary soloina fitaovana hafa (10 segondra dia mahavoasolo fiasana).







Kasína manao ahoana no ilaiko ?

Ny Kasína Timon (omby roa) na ny Kasína Brancard (omby iray) dia tsy mampiasa rojo fa mipetaka mivantana eo amin'ny omby.
Tsotra kokoa ny mampiasa ny Kasína iray na roa Kodiarana (omby iray na roa miaraka amin'ny rojo).
Ny Kasína kodiarana roa dia mipetraka tsy mihetsiketsika ho amin'ny fambolena mampiasa dogon-tany.
(sary ambadika)

Ahoana ny fampiasana azy ?

Manatona ny tanàna Ambalamanakavana (Kaominina Iavinomby-vohibola, 20kms miala ny Fianarantsoa – RN42) Na koa manotany ao amin'ny arinasa Le Relais Madagasikara (ex. Karenjy Ankofafalahy, Fianarantsoa) fa misy olona natao hampianatra amin'ny fampiasana ny fitaovana any.

Aiza no ahitana ny fitaovana?

Raha mila fanampi-panazavàna na te hanandrana ny Kasína na raha liana ianao aorian'ny fiofanana, dia mametraka ny famandrihana ao amin'ny

LE RELAIS MADAGASIKARA

BP 1212 – Ankofafalahy
Ex Usine Karenjy
301 Fianarantsoa - Madagascar
Tel :020 75 510 04
E-mail : mada@le-relais.net